NY

# SORATRA MASINA,

DIA NY

## TESTAMENTA TALOHA

SY NY

## TESTAMENTA VAOVAO.

---

NADIKA AVY TAMY NY TENY HEBREO SY GRIKA.

---

(*Revision Committee's Version, 1887.*)

LONDON:
BRITISH AND FOREIGN BIBLE SOCIETY.
1889.

NY

# ANARAN' NY BOKY

SY NY

## ISAN' NY TOKONY AVY.


| | Misy toko |
|---|---|
| GENESISY, na Fiandohana | 50 |
| Eksodosy, na Fahafahana | 40 |
| Levitikosy, na Fisoronana | 27 |
| Nomery, na Fanisana | 36 |
| Deoteronomia, na Famerenan-teny | 34 |
| Josoa | 24 |
| Mpitsara | 21 |
| Rota | 4 |
| Samoela I. | 31 |
| Samoela II. | 24 |
| Mpanjaka I. | 22 |
| Mpanjaka II. | 25 |
| Tantara I. | 29 |
| Tantara II. | 36 |
| Ezra | 10 |
| Nehemia | 13 |
| Estera | 10 |
| Joba | 42 |
| Salamo | 150 |
| Ohabolana | 31 |
| Mpitoriteny | 12 |
| Tonon-kirany Solomona | 8 |
| Isaia | 66 |
| Jeremia | 52 |
| Fitomaniana | 5 |
| Ezekiela | 48 |
| Daniela | 12 |
| Hosea | 14 |
| Joela | 3 |
| Amosa | 9 |
| Obadia | 1 |
| Jona | 4 |
| Mika | 7 |
| Nahoma | 3 |
| Habakoka | 3 |
| Zefania | 3 |
| Hagay | 2 |
| Zakaria | 14 |
| Malakia | 4 |

# GENESISY,

## NA FIANDOHANA.

*Ny namoronan' Andriamanitra izao tontolo izao.*

I. TAMY ny voalohany Andria-
manitra nahary ny lanitra
sy ny tany.
2 Ary ny tany dia tsy nisy en-
drika sady foana; ary aizina no
tambonin' ny lalina. Ary ny Fa-
nahin' Andriamanitra nanomba
tambonin' ny rano.
3 Ary Andriamanitra nanao hoe:
Misia mazava; dia nisy mazava.
4 Ary hitan' Andriamanitra fa
tsara ny mazava; ary nampisara-
hin' Andriamanitra ny mazava sy
ny maizina. 5 Ary Andriamanitra
nanao ny mazava hoe andro; ary
ny maizina nataony hoe alina. Dia
nisy hariva, ary nisy maraina,—
andro voalohany izany.
6 Ary Andriamanitra nanao hoe:
Misia habakabaka eo anelanelan' ny
rano; ary aoka hampisaraka ny
rano amy ny rano izy. 7 Ary
Andriamanitra nanao ny habaka-
baka ka nampisaraka ny rano am-
banin' ny habakabaka tamy ny
rano ambonin' ny habakabaka; dia
nisy izany. 8 Ary Andriamanitra
nanao ny habakabaka hoe lanitra.
Dia nisy hariva, ary nisy maraina,
—andro faharoa izany.
9 Ary Andriamanitra nanao hoe:
Aoka hiangona ny rano eny amba-
nin' ny lanitra ho eo amy ny fitoe-
rana iray, ary aoka hiseho ny mai-
na; dia nisy izany. 10 Ary An-
driamanitra nanao ny maina hoe
tany; ary ny rano tafangona natao-
ny hoe ranomasina. Ary hitan'
Andriamanitra fa tsara izany.
11 Ary Andriamanitra nanao
hoe: Aoka ny tany haniry ahitra
sy anana mamoa ary hazo fihinam-
boa izay mamoa, samy araka ny
karazany avy, ka manam-boa ao
aminy, eny ambonin' ny tany; dia
nisy izany. 12 Ary ny tany naniry
ahitra sy anana mamoa, samy araka
ny karazany avy, ary hazo mamoa
izay manam-boa ao aminy, samy
araka ny karazany avy. Ary hitan'
Andriamanitra fa tsara izany. 13
Dia nisy hariva, ary nisy maraina,
—andro fahatelo izany.
14 Ary Andriamanitra nanao
hoe: Misia fanazavana eny amy ny
habakabaky ny lanitra hampisaraka
ny andro sy ny alina; ary aoka ho
famantarana sy ho fotoana ary ho
andro sy taona ireo. 15 Ary aoka
ho fanazavana eny amy ny habaka-
baky ny lanitra izy hanazava eny
ambonin' ny tany; dia nisy izany.
16 Ary Andriamanitra nanao ny
fanazavana roa lehibe—dia ny fa-
nazavana lehibe ho mpanapaka ny
andro ary ny fanazavana kely ho
mpanapaka ny alina—sy ny kin-
tana. 17 Ary Andriamanitra na-
metraka azy eny amy ny habaka-
baky ny lanitra hanazava eny
ambonin' ny tany, 18 sy ho mpa-
napaka ny andro sy ny alina, ary
hampisaraka ny mazava sy ny mai-
zina. Ary hitan' Andriamanitra
fa tsara izany. 19 Dia nisy hariva,
ary nisy maraina,—andro fahefatra
izany.
20 Ary Andriamanitra nanao
hoe: Aoka ny rano ho be zava-
manan-aina; ary aoka hisy vorona
hanidina ambonin' ny tany eny amy